# Boky fampiofanana laharana 6 :

# Fitantanana ara-bola



TETIK'ASA OIT-SAVABE, Faritra SAVA

# LOHAHEVITRA

1 – Tsipaipaika

2 – Fitantanam-bola tsotra

3 –Boky fitanana an-tsoratra ny vola

4- Kaonty any amin’ny banky

# 1 – TSIPAIPAIKA (1)

- Ny tsipaipaika: famoriam-bola ataon'ny fikambanana amin'ny alalan'ny vola aloan'ny mpikambana mivantana.

Elles servent à : Natao:

- Hampiodinana ny fikambanana.
- Hiantohana ny andraikitry ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny fikambanana misy azy.
- Amporisihana ny firaisan-kinan'ny mpikambana, satria ny mpikambana rehetra dia manao zavatra azo tsapain-tanana ho fampandrosoana ny fikambanana.
- Ahafahana miaro ny fikambanana manoloana ireo fahasahiranana mety tsy hampoizina, na ihany koa ahafahana manampy ireo mpikambana amin'ny fotoana tampotampoka.

Mety tsy hazoto hanefa tsipaipaika ny olona sasany nohon'ny antony samihafa:

- Mety hilaza izy ireo fa tsy manana vola handoavana izany.
- Ny sasany indray mety hanambara fa tsy mandeha any amin'ny tokony hampiasana azy ny vola fa any am-paosin'ny mpitantana.
- Ary ny hafa moa dia tsy mahita hoe inona moa no tokony hanaovana tsipaipaika.

➢ **Mba hialàna amin'izany ary, dia mila faritana an-tsoratra mazava tsara hoe hatao inona marina moa ny volan'ny fikambanana? Inona no azo hampiasàna ary inona no tsy azo hampiasàna azy? (i) Afaka hampiasaina hitsaboana tena raha misy loza tampoka ve ny vola? (ii) afaka hanaovana mariazy ve? (iii) Afaka hanampiana ireo mpikambana tra-pahasahiranana ve? (iv) Afaka hindramin'ny mpikambana, miaraka amin'ny zana-bola voafaritra mialoha ve?**

# 1 – TSIPAIPAIKA(2)

OHATRINONA NY TSIPAIPAIKA HALOA?

- Mila faritan'ny mpikambana mialoha hoe ohatrinona ny tsipaipaika aloan'ny tsirairay ary isaky ny inona no andoavana azy, mba ahafahana mamory ny vola mety ilaina. Tsy dia atao ambony loatra izy io mba tsy hampananosarotra ireo manana fahasahiranana ny fanefana azy.
- Tsy hoe ny tsipaipaika ihany akory no ahafahan'ny fikambanana manangona vola. Afaka manao raharaham-barotra, na tahiry na mitady fanohanana avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ihany koa ho fitadiavam-bola.

FANEFANA NY TSIPAIPAIKA

Ny fitsipika anatin'ny fikambanana no manery ny mpikambana tsirairay hanefa ny vola mila efainy (tsy miovaova) any amin'y mpitahiry vola, arahana fanomezana rosia sy fanoratana ao anatin'ny rejstra izany fandoavam-bola izany.

Miankina amin'ny fahafahan'ny mpikambana tsirairay ny fanefana io vola io, afaka aloa tsikelikely…Mila mifanaraka tsara ihany koa ny mpikambana hoe ohatrinona isan'olona io tsipaipaika io, miankina amin'ny tanjona hotratrarina hampiasàna ilay vola.

**Tabilao: Rejistra an'ny mpikambana**

| Mpikambana | Cotisation | 02 Janv 2018 | | 06 Fév 2018 | |
|---|---|---|---|---|---|
| | **Anjara vola aloa** | **Naloa** | **Sisa Tavela** | **Naloa** | **Sisa tavela** |
| Norbert | **50** | 10 | 40 | 20 | 20 |
| Johasy | **50** | 10 | 40 | 10 | 30 |

# 2 – FITANTANAM-BOLA TSOTRA



FITANTANANA NY KAONTY
Ny mpitahiry vola no mitantana ny volan'ny fikambanana ary tsy maintsy manao tatitra amin'ny mpikambana, momba ny fandaniana rehetra sy ny toe-bolan'ny fikambanana amin'ny fotoana rehetra.
Isaky ny misy fandaniana, dia mila manoratra izy hoe ohatrinona no lany, ary natao inona?

NY MANDRAFITRA NY FITANTANAM-BOLA TSOTRA

Zavatra roa lehibe no mandrafitra ny fitantanam-bola tsotra:

- Ny vata fitehirizam-bola na caisse: Afaka hidiana amin'ny lakile ny caisse, na vata fitehirizam-bola.
- Ny boky na kahie fitanana an-tsoratra ny vola miditra sy mivoaka rehetra.

# 3 – BOKY FITANTANANA NY KAONTY(1)

NY VATA FITEHIRIZAMBOLA

Ny vata fitehirizam-bola no toerana hitehirizan'ny mpitahiry vola ny volan'ny fikambanana, sy ireo rosia mbola tsy nampiasaina. Mila mihidy tsara izy io ary apetraka amin'ny toerana azo antoka sy voaaro tsara.

Maro ny tetika azo atao mba hiarovana ny mety ho fanodinkodinana ny ao anatin'io vata io:

• Tsy afaka manokatra ny vata fitehirizam-bola ny mpitahiry vola raha tsy amin'ny mahaeo ny mpikambana hafa, na isaky ny fivorian'ny fikambanana.



•Tsy afaka manokatra ny vata fitehirizam-bola ny mpitahiry vola raha tsy eo imason'ny mpikambana iray farafahakeliny.

• Ny mpitahiry vola no mitazona ny vata fitehirizam-bola, saingy tsy maintsy olona hafa no mitazona ny fanalahidy. Izy roa ireo no tsy maintsy manatrika foana isaky ny manokatra ny vata.

• Tokony hisy hidiny (cadenas na lakile) roa na telo ny vata, tsy mitovy fanalahidy. Olona samihafa no mitazona ny fanalahidy ary tsy maintsy manatrika eo izy rehetra ireo isaky ny manokatra ny vata.

• Mila hamarinana matetika ny vola ao anaty vata. Isaky ny misy vola alaina na ampidirina ao, dia mila voasoratra ao anatin'ny boky fitantanam-bola izany, arahan'ny fanomezan'ny mpitahiry vola rosia mifanaraka amin'izany.

**Tableau : Journal de caisse**

| N° | Daty | Antony | | Vola nivoaka (Ar) | Vola niditra (Ar) | Ambim-bola (Ar) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| |  | | |  |  | |
| | 2018 | | | | | |
| 1 | 3 Janv | Ambim-bola t@taonalasa |  | | | 5 000 |
| 2 | 5 Janv | Tsipaipaika |  | | 20 000 | 25 000 |
| 3 | 5 Janv | Masomboly |  | 10 000 | | 15 000 |

**AFAKA MAMPIASA SARISARY FANAZAVANA**
**Raha maro ireo tsy mahay mamaky teny amin'ny mpikambana, dia afaka mampiasa sarisary mba hahazoan'izy ireo ny fanazavana ny momba ny kaonty.**

# 3 – BOKY FITANTANANA NY KAONTY(2)

HAMARINO RAHA MITOVY NY KAONTIM-BOLA SY NY VOASORATRA AO ANATY BOKY FITANTANANA NY KAONTY



Ny mpitam-bola dia mila manamarina matetika (mety isan-kerinandro) raha mitovy amin'ny vola ao anatin'ny caisse ny vola voasoratra ao anatin'ny boky.

Raha tsy mitovy ny sora-bola, dia mila mitady ny antony ny mpitam-bola:

- Nisy nanadino nanoratra ny rosia raha namoaka na nampiditra vola tao amin'ny caisse ve?
- Avereno ny kaonty raha nisy.
- Misy fahadisoana ve ny sora-bola voasoratra ao anaty boky? Hamarino ny rosia mba hahazoana antoka ny fahamarinan'ny sora-bola.
- Voaisa tsara ve ny vola? Avereno ny fanisàna raha tsy azo antoka, ary ilazao ny mpikambana raha nisy fahadisoana.
- Nisy naka vola tsy nahazo alalana ve? Iza no mety ho nanao izany?

# 3 – BOKY FITANTANANA NY KAONTY(3)

FANAMARINANA NY KAONTY

Isaky ny telo volana, na isaky ny faran'ny taona, ny mpitahiry vola dia mila manamarina ny kaonty. Tokony hitovy ny rosia sy ny vola voasoratra ao anaty boky.

Tokony hisy rosia fanamarinana isaky ny andalana ao anatin'ny boky

- Tokony hitovy ny daty sy ny sora-bola voasoratra ao anatin'ny rosia sy ny boky.
- Ny ambim-bola voasoratra ao amin'ny boky dia tokony hitovy marina amin'ny vola tena eo am-pelantanana.

Isaky ny faran'ny taona, ny mpanamarim-bola dia mila manamarina akaiky ireo rosia sy ny ambim-bola mba hifanaraka amin'ny tena marina.



# 4 – KAONTY ANY AMIN’NY BANKY

FANOKAFANA KAONTY ANY AMIN’NY BANKY

Raha betsaka ny vola kirakirain’ny fikambanana, dia mety kokoa raha manokatra kaonty any amin’ny banky. Misy mpiara-miombon’antoka sasantsasany mitaky an’izay fanokafana kaonty any amin’ny banky izay.

Maro ny tombontsoa azo amin’ny fanokafana kaonty any amin’ny banky:

• Ny vola tehirizina ao anaty vata na ao antranon’olona dia mety hisy hangalatra. Voaaro tsara ny vola any amin’ny banky.

• Afaka miteraka zana-bola ny vola apetraka any amin’ny banky.

• Afaka anaovana raharaham-barotra ny kaonty any amin’ny banky, toy ny fividianana fitaovam-pambolena, na ny fandoavana vidim-bokatra.




• Ny fananana kaonty ao amin’ny banky ihany koa no ahafahana manao findramam-bola ara-dalàna. Mba ahafahana manokatra kaonty vaovao any amin’ny banky, dia mila atao ara-dalàna any amin’ny ambaratongam-pahefana mahefa aloha ny fikambanana (récepissé de déclaration)

. Raha hanokatra kaonty ny fikambanana, farafahakeliny dia olona roa no tsy maintsy manao sonia vao afaka mamoaka vola ao amin’ny kaonty (amin’ny ankapobeny dia ny filoha sy ny mpitam-bola)

PLAN D’ACTIONS

- Manomana fitsidihana ireo banky na micor-finance akaiky indrindra.
- Mangataka fanazavana amin’ny mpitantana momba ny fepetra tsy maintsy arahana sy ireo tombontsoa azo amin’ny fametrahana ny vola tahiry ao aminy, sy ireo dingana sy fepetra arahana raha hindram-bola.